TRANSPARENCY INTERNATIONAL INITIATIVE MADAGASCAR

PEJY NATOKANA HO AN'NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY

FONGOTRA
Malagasy Miady @ Kolikoly

Bekoto: « Ny fanabeazana ihany no hanafaka antsika amin'ny kolikoly ! »

Transparency International - Initiative Madagascar (TI-MG) : Iza moa i Bekoto ?

Bekoto: Mpihira tao amin'ny tarika Mahaleo no nahafantarana ahy, nianatra sosiolojia ihany koa. Tsy izaho irery fa ny Mahaleo rehetra no nanana mari-pahaizana vitsivitsy sy mafonjafonja. Ny ahy manokana ny safidiko dia ny hiasa any amin'ny ambanivohitra hiaraka amin'ny tantsaha. Ny antony dia mino aho hoe ny tantsaha no maro an'isa eto Madagasikara, ary ny fanjakan'ny maro an'isa no tokony hisy. Mila ampiana izy ireo hamokatra kokoa, ary mila hamoraina ny fiainan'izy ireo: mba tsy hisy intsony ny manahirana toy ny tsy fandriampahalemana amin'ny ala-botry sy ny tebiteby, ny aretina, ny fanabeazana, sns. Izay no nahatonga ahy nisafidy ny hiasa any ambanivohitra. Mazava loatra hoe tsy vola aloha no notadiaviko tany. Safidy satria izaho koa taizan'ambanivohitra, dia ilay "sociologie rurale" no option-ko. Izay koa no heritreretiko hanaovana "thèse de doctorat" ato ho ato. Manarakarak'izay, nantsoin'ny IEP (Institut des Etudes Politiques) aho, mampanao fiofanana, mampianatra ny Master 1, manofana mikasika ny fampandrosoana any ambanivohitra miaraka amin'ny any ambanivohitra (ruralité et option ruralité), dia manazava ny mpianatra ny zava-misy, ny zavatra hitako sy ny zava-marina. Mianatra sy mampianatra aho isan'andro, sady mpihiran'ny tarika Mahaleo, fa rehefa malaladalaka aho no mihira fa tsy isan'andro ("artiste de week-end"). Fa mafibe ilay Mahaleo, fantatr'olona, na efa any amin'ny asa aza dia mbola misy miteny ihany hoe angaha tsy hihira ramose? Mbola manohy ny fianarana « sociologie rurale » aho ary miara-miasa sy mampitaha amin'ny tantsaha erak'izao tontolo izao (Afrika, Amerika, Eoropa,...), ao anatin'ny fandrisihana ny atao hoe « développement endogène » na fampandrosoana miainga avy any anaty/ifotony.

© Photo : TI-MG

Honoré RABEKOTO, mpanakanto sady mpahay fiarahamonina

TI-MG : Ahoana ny hamaritanao ny atao hoe kolikoly ?

Bekoto: Tena mbola malemy ny malagasy raha vao resa-bola, resaka fahantrana. Efa tafiditra lalim-paka sy voapempopempo koa ilay hoe mahantra, lasa atao fihetsiketsehana aza ilay izy, lasa fitaratry ny fahantrana mihitsy matoa mirodorodo ho aty daholo ny rehetra hoe hiady amin'ny fahantrana, hanavotra ny Malagasy. Isika koa miandry havotana, mody mampalahelo. Io kolikoly io tsy dia hitako loatra izay ho lazaina fa ny hitako izao dia hoe raha misy zavatra ataonao, indrindra ny any amin'ny birao, tsy misy lalàna sy fomba atao mazava fa tsy maintsy mahalala olona. Fa atao inona moa ilay fahalalana olona? Asa izy io na avy amin'ilay fitenenana hoe noho ny zanaka dia aleo manao ratsy, aleo miaraka amin'ny mpamosavy. Izay mampety ny fiainana dia atao daholo na hamosavy aza. « Zavatra azo amin'ny makarakara, mivoaka amin'ny kiloadoaka ». Manamora zavatra. Ohatran'ny ahy tsy haiko za hoe manao kolikoly ve fa noho ny fahafantaran'olona ahy dia ampiasaiko ilay izy fa amin'ny tsara. Izaho tsy mahafantatra olona fa ny olona no mahafantatra ahy. Ohatra : hiarovako ny tantsaha amin'ny resaka ady tany, dia matahotra ny mpanohitra. Azo ampiasaina ilay zavatra ho amin'ny tsara kokoa.

TI-MG : Inona ny hetsika efa nataonao hiadiana amin'ny kolikoly ka azo alain-tahaka ?

Bekoto: Ny hahalalana ahy dia resaka ady tany, efa hatramin'ny taona 90. Nisy hala-tany tany Antsirabe, dia niantso ahy ny « Justice et Paix » mba hanampy azy ireo. Nisy mpifindra monina nahazo tanim-panjakana, efa nipetraka teo ilay mpifindra monina dia nisy resaka nandeha hoe hanao vato ao hono, hanao bizina ao dia notafihan'ny dahalo. Rehefa nozahavina ilay zavatra dia hoe nipetraka teo ilay olona hatrizay tsy nisy olana. Taty aoriana lasa nivadika hoe tanin'olona io fa tokony mialà teo ilay olona. Raha nojerena ilay kadasitra tamin'ny voalohany dia tsy nisy hoe tanin'olona, fa tanim-panjakana madiodio. Tampotampoka eo, lasa nisy tany nipoitra izany tao ampovoan'ilay tany nomen'ny fanjakana, «Soamananjara» no anarany, misy "titre". Ny fanjakana izany hiady amin'ilay olon-tsotra manana titre. Dia nisy nandroaka ilay tantsaha nefa ilay tantsaha efa nafindra tao. Rehefa nalefa lavitra ilay resaka momba io tany io hatrany amin'ny prefektiora sy ny fanjakana dia fantatra hoe tany madio io, fa nisy nanatsofoka tao ilay titre Soamananjara, mpanao politika tamin'ny androny no nanao azy. Teo aho no nahita hoe ilay kolikoly io indraindray tsy hay hoe fahaizana na tsy fahaizana politika. Raha jerena ny vondrona politika misy eto Madagasikara dia misy 213 fa manodidina ny 10 eo ihany no matanjaka, mahavita manao kongresy, iza izany ny ambiny ? Dia aiza ireo vondrona politika ireo no mahita vola? Tsy hay intsony hoe ny olona ve no ratsy sa ny tany no lany vatsy. Tsy manana eritreritra ny hanao tononkira azy io aho fa aleoko tonga dia mirotsaka eny ifotony miaraka amin'ny mpisolovava dia any miady. Ny fanabeazana aleo makany amin'ny marina sy ny tsara, ny marina marina ihany, tsy misy manana ny tsara sy ny mety afatsy Andriamanitra sy ny Razana. Fa ny mahagaga eto amintsika tato ho ato dia lasa makany amin'ny tsy metimety sy hafahafa, ary ny zavatra hafahafa, ratsy sy tsy manaraka ny lalàna indray no ohatran'ny hoe normaly. Ohatra : ny madio indray no hafahafa, ny manara-dalàna indray no hafahafa. Ny lalàna voasoratra amin'ny rindrina sy taratasy tsara, fa ny tena tsara dia ny lalàna tsy voasoratra fa ao an-dohanao.

TI-MG: Inona no soso-kevitra hitanao hiadiana amin'ny kolikoly?

Bekoto: Mila "politique de prévoyance" isika: amin'ny fomba ahoana no tsy hisian'ny kolikoly? Mila mafy be ny lalàna, ny fanjakana sy ny firenena, mila miala amin'ny kiantranoantrano, ka na havanao na namanao aza no tratra dia kapoy koa izy. Fa mila fantarina koa ny antony mahatonga ny olona manao ny ratsy, ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina ka mitarika anao hanao ratsy, hanao kolikoly, antsoina hoe "facteur criminogène". Mila « dynamique de groupe » misy fanasaziana (sanction) isika. Ny vahaolana dia tsy fitadiavam-bola ny fanaovana politika fa fanompom-pirenena no betsaka. Ny vahaolana dia ny fampitomboana ny fiharian-karena, rehefa tsy tia vahiny, dia manaova tsara nohon'ny nataony. Ny tanin'ny Malagasy anie malalaka tsara, misy an'ilay tany atsy io izao 60.000ha any Bas Mangoky, hambolena vary moa? Ilay hoe homena ny Arabo, izany anie tsy mampaninona ahy e, na homena 1000000ha na iza na iza; fa ny ahy ny teknika no olako. Voalohany indrindra, misy "assurance agricole" ve eto? Miala tsiny aho tompoko, tsy misy eto Madagasikara. Fa raha misy io, dia ny tantsaha aloha no "assuréo". Faharoa, lehibe loatra io, raha misy andiam-balala miakatra ohatra nefa tsy misy "assurance". Maninona isika no midi-kizo amin'izany zavatra izany, raha maninomaninona io zavatra io? "Tsy misy maditra ohatry ny omby, fa rehefa tsara fatotra tsy mahahetsika". Fa misy fitaizan-tena koa indraindray: ny ratsy sy ny tsara izany anie tsy misy mahalala azy fa rehefa manimba tombotsoan'olona na manafitohina dia mampalahelo e! Iny alahelom-bahoaka iny anefa mitarika zavatra hafa. Ary tsy ampoizinao ny vokatr'izany. Ka izay no ataoko hoe: isika anie mahay e, fa tsy haiko izay mahatonga antsika tsy matoky tena intsony. Na diso tsy voalanjalanja tsara ny herintsika, miseho azy ho inona nefa tsy inona akory.

Ny fanabeazana ihany, fanasongadinana ny zavatra mety: gasy mety. Ny fanabeazana amin'ny alalan'ny rehetra mihitsy, dia zavatra mety no tenenina fa tsy zavatra tsy mety no andaniana vola. Alaivo ho ohatra ny ataon'i Père Pedro: raofiny ilay ankizy dia ampianariny, vita ny natao. Misy malagasy mahavita zavatra, any Ambohidratrimo koa misy, fa ny azy indray ankizy tsy ampy taona, vehivavy tsy ampy taona voafonja no beaziny. Ny fomba hiadiana amin'ny kolikoly dia fanabeazana ihany. Nihena be izao ilay atao hoe "freins sociaux anti-criminogénes" hoy ny mpandinika fiarahamonina. Tsy inona ireo fa ny fiangonana sy ny fianakaviam-be. Tamin'ny voalohany dia ny katôlika sy ny protestanta no nisy, fa amin'izao lasa nipoaka izy, dia lasa nisy fiangonana madinika (200 mahery ny isany manerana izao tontolo izao).

Ny "freins sociaux" no mila hamafisina amin'ny fanabeazana any ampianarana. Omena ny hasina ny fianakaviam-be. Na mihinana paraky aza Dadabe, aza ambaniana na manam-pahaizana avy any an-dafy aza ianao ohatra, ny zanakao taizao tsara, aza asaina manambanimbany tena sy manambany olona. Fa raha manambany tena moa izy, ny tenany ihany no ambaniany, fa le manambany olona no tena ratsy. Fa ilay Gasy mahay, mahay isika, fa ilay fomba amoahana an'izay no tsy fantatro mihitsy. Ny olona no tokony maka lesona amintsika fa tsy isika no haka lesona any amin'ny olona izany.

TI-MG: Miara-miasa akaiky amin'ny tanora izahay ao anatin'ny Clubs Fongotra. Inona no hafatra omenao azy ireo mba hankaherezana azy hiady amin'ny kolikoly ?

Bekoto: Ny fomba tsotra hiadiana amin'ny kolikoly dia ny "expérience personnelle" ihany. Ny zavatra manokana hitanareo hoe mety hiadiana amin'ny kolikoly. Izaho izao nahita ny fomba hiadiana amin'ny fanaovana maloto eny amin'ny sisiny dia sarin-jaza. Fa aza mitabataba amin'ny Radio na manao soratsoratra hoe daroka sy 5000ar izay tratra eo. Ny fomba hiadiana amin'ny kolikoly dia ampianarina tsara ny ankizy hoe: matoa misy ny kolikoly dia misy ny manome. Dia ampianarina koa ilay manome hoe: tsy voatery miaraka amin'ny mpamosavy anie na ny zanakao aza no tratra e! Tsy voatery manao ratsy anie ho fanasoavana ny zanakao e, tsy mety anie izany e! Ny fomba gasy koa anie manahirana e, misy fitenenanana hoe: "Ny vato ary hosorana tantely, koa ny olona ve tsy homena vola?" Fa aza matim-bola e!

Mba hiadiana amin'ny kolikoly koa dia ny lalàna ihany no hamafisina sy tena ampiharina. Efa misy anie ny lalàna mikasika an'io kolikoly io e, dia tokony ampiharina. Dia aza mifidy olona. Ny mahavariana dia tsy ny AREMA rehetra anie no may ny tranony e, na ny an'ny TIM rehetra. Misy zavatra tsy mazava ao izany, tsy haintsika. Raha hiady amin'ny kollikoly dia izay zavatra tsara sy mety no atao fantatry ny olona (les bons exemples méritent d'être suivis, d'être connus"). Nefa raha ohatra ratsy no hitanao, ohatra hoe nitsoaka hono I anona fa mahitahita, lasa isika ary no miteny hoe: "Ka izy manam-bola ko!".

Ny hafatra atolotro farany dia ny hoe: safidy io, na hanao ny tsara na hanao ny ratsy. Tsy misy voahozona hanao tsara, na hanao ratsy. Fa raha hisafidy ihany dia aleo mankany amin'ny tsaratsara. Ny tena moa tsy tsara, fa izaho izao taloha mangala-paiso, fa tratra aho, fa miteny aminareo aho fa mahasosotra ilay izy. Tsy asako ilay mangalatra, tsy asako ilay manao risoriso na eo ihany aza ny fakam-panahy hanavotana an-janako na ny havako, mbola tsy niaraka amin'ny mpamosavy aho, dia aleo manao ny tsara ihany. Morale ilay zavatra, Saint Augustin niteny an'io hoe: " Tsara ny lalàna voasoratra, fa hafa ilay lalàna ao anaty." Raha tsy ampy ilay morale, asio fonja kely ao an-tsaina na koa sazy. Tsy ampy io raha samy hiteny hoe aza manao an'izao na izao, raha ohatra ary ka hoe olona bokona be no manao maloto amin'ny rindrina, dia iny ry zareo ao amin'ny fokontany, olona mahia kely daholo dia avy amin'ilay fitenenana hoe : "Kely aina sendra jiolahy, sendra ny tsy eran'ny aina." Tokony ho mafy be fotsiny izany ny ady amin'ny kolikoly. Ny olona tratranao lehibe, nefa ianao manana ny marina, kely. Hamafisina ny sazy sy ny fampianarana hiatrehana izany. Dia miezaha manao ny tsara, manao madio, mianara manan-karena e! Satria ny fahantrana tsy ianarana. Sa misy "agrégation"'ny fahantrana eto? Tsy misy.

> Nangonin'ny ekipan'ny Transparency International - Initiative Madagascar